

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Voankazo Mifanaraka

Ny olon-tsika taloha dia natao maty tao amin'i Kristy mba ho velona ao anatintsika ny olona vaovao.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Niresaka momba ny fiovaovan'ny mpivavaka i Jakoba:

> "Izy no isaorantsika ny Tompo, dia ny Ray; ary izy ihany koa no anozonantsika ny olona, izay natao araka ny endrik'Andriamanitra. Ny vava iray ihany no ivoahan'ny fisaorana sy ny fanozonana. Ry rahalahiko, tsy mety raha misy izany. Moa ny loharano va mamoaka rano mamy sy mangidy eo amin'ny vavany iray ihany? Ry rahalahiko, ny aviavy va mety mamoa voan'oliva, na ny voaloboka mamoa voan'aviavy? Toy izany ny rano masirasira tsy mba ivoahan'ny mamy" (Jakoba 3:9–12)

Manambatra sary roa i Jakoba eo. Ny iray dia amin'ny hazo. Nilaza izy fa tsy hamoa karazana voa hafa, toy ny oliva, ny hazon'aviavy. Ny karazana hazo dia manondro ny karazana voa izay vokariny. Ny hazo, eo amin'io sary io, dia ny fo; ny voa dia ny teny aloaky ny vava. Ny sary faharoa nampiasain'i Jakoba dia an'ny loharano iray. Nilaza izy fa raha misy rano masira avy amin'ny loharano iray, dia fantatrao fa masira ny rano ao amin'ny loharano. Ny hazo roa dia maneho toetra roa. Ny hazo mamoa tsy mitovy amin'izay tokony hamoany dia ratsy; io hazo io dia maneho ilay olona taloha. Ny hazo tsara dia ilay olom-baovao ao amin'i Jesosy Kristy. Tsy afaka mamoa voa tsara ilay olona taloha. Im-betsaka i Jesosy no nilaza izany mazava tsara (jereo, ohatra, ny Jaona 15:1–8). Avy amin'io toetra ara-nofo taloha io dia hisy vokatra mifanaraka amin'izany toetra izany mandrakariva. Ny loharano, dia maneho zavatra ara-panahy. Ilay loharano madio dia ny Fanahy Masina. Ny loharano simba, masira, maloto dia fanahy hafa.

Misaotra Anao, Jesosy ô, tamin'ny fifanakalozana teo amin'ny hazo fijaliana. Manambara aho fa hisy voa tsara hivoaka avy amin'ny toetrako vaovao, satria efa maty ao amin'i Kristy ilay olona taloha mba ho tonga olom-baovao eo amin'ny fiainako, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-238-MLG

Nohavaozina farany: 29 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

